


DEREK PRINCE MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Ny Mpisoronaben’ny Fiekentsika

Aoka hohazonintsika mafy ny fiaikentsika.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries and Valerie Du Plessis

Ny toeran’i Jesosy amin’ny maha-Mpisoronabe Azy dia mifandray amin’ny fieken- tsika. Andeha isika hijery andalan-teny telo ao amin’ny bokin’ny Hebreo. Voalohany, ny Hebreo 3:1 dia mivaky toy izao: “Koa amin’izany, ry rahalahy masina, mpiombona ny fiantsoana avy any an-danitra, hevero ny Apostoly sy Mpisoronabe Izay ekentsika, dia Kristy Jesosy.” I Jesosy no Apostoly nirahin’Andriamanitra hanome fanavotana. Rehefa nanome fanavotana Izy, dia niverina tamin’Andriamanitra mba ho Mpisoronabentsika eo anatrehan’Andriamanitra. Izy no Mpisoronabe amin’ny fiekentsika. Hevitra fototra io hevitra io: Tsy misy fiekena, tsy misy Mpisoronabe. Raha manakombona ny molotsika eto an-tany isika, dia hangina ny Mpisolovavantsika any an-danitra. Arakaraka ny hiekentsika, no vaomaika handefasantsika ny fanompoan’ny Mpisoronabeny ho antsika.

Hovakintsika avy eo, ny Hebreo 4:14:

> "Koa satria isika manana Mpisoronabe lehibe, Izay lasa namaky ny lanitra, dia Jesosy, Zanak’Andriamanitra, aoka isika hihazona ilay efa nekentsika."

Ny hoe mihazona mafy dia midika hoe milaza zavatra, dia tohizo hatrany ny filazanao azy. Aza mihemotra. Aza kivy.

Farany, “sady manana Mpisoronabe mitandrina ny tranon’Andriamanitra,... aoka hohazonintsika mafy ny fanekena ny fanantenana mba tsy hihozongozonany fa mahatoky Ilay efa nanao ny teny fikasana;.” (Hebreo 10:21, 23). Mariho ny fiovana eo. Tsy “fanekena ny finoantsika” izany fa “fanekena ny fanantenantsika”. Raha miaiky ny finoana ela be isika dia lasa fanantenana.

> "Ny finoana no fahatokiana ny amin'ny zavatra antenaina"

(Hebreo 11:1)

Rehefa nanorina ny fototry ny finoana isika, dia tonga ny fanantenana. Ny famaritako ny fanantenana ara-baiboly dia

© 2008 - Dries Du Plessis

“fanantenana feno fahatokisana amin’ny tsara”. Fa tsy maintsy mihazona mafy ny asa na ny fiekena isika ka tsy misy manozongozona. Nahoana no lazaina hoe “tsy misy manozongozona”? Mamelà ahy hampiseho amin'ity sarintsary manaraka ity. Rehefa mandeha amin'ny fiaramanidina ianao ary mandeha ny famantarana Fehin-tseza Tokony Hamafisina, dia milaza fikorontana aminao izany. Toy izany koa, ny “tsy misy manozongozona” dia milaza aminao fa hisy fanoherana. Miady sy mandresy ny ady isika rehefa mihazona ny fiekena.

Misaotra Anao, Jesosy ô, fa Ianao no Mpisoronabe izay nekenay. Manambara aho fa i Jesosy no Mpisolovavako any an-danitra, eo anatrehan’Andriamanitra, ary mihazona mafy izany fiekena izany aho ka tsy misy manozongozona. Hihazona mafy ny fiekeko aho, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-295-MLG
Nohavaozina farany: 29 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

